# ALAHADY 24 FEB 2019

1 Korintiana 15:10 : « Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no nahatoy izao ahy; ary tsy foana ny fahasoavany ato amiko; fa efa niasa fatratra mihoatra noho izy rehetra aho, nefa tsy izaho, fa ny fahasoavan'Andriamanitra no niara-niasa tamiko ».

RESAKA FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA
Ny fahasoavan'Andriamanitra, azo atao tsara ny manao séminaire, fisintonana, andro iray, week-end iray, herinandro iray andinihina hoe inona marina no atao hoe fahasoavan'Andriamanitra. Raha misy voambolana manankarena amin'ny voambolana teolojika dia io ry havana o.
Fa arak'izay namaritantsika azy hatrizay dia hoe : ny fahasoavan'Andriamanitra dia ny fitiavan'Andriamanitra manosika Azy hamonjy antsika.
Fahamarinana 1 : ATAOVY PRIORITÉ DES PRIORITÉS NY FAHOTANAO DIA HAHITA NY FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA IANAO
Hoy ilay tapany voalohany hoe : « Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no nahatoy izao ahy ». Ny olona ry havana, mahafantatra an'izany fahasoavan'Andriamanitra, ary tsy mahafantatra an'ilay fahasoavan'Andriamanitra ato amin'ny Baiboly fotsiny, fa mahalala ny fahasoavan'Andriamanitra ao amin'ny fiainany, ka afaka miteny toa ky Apostoly Paoly hoe : « Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no nahatoy izao ahy », dia mahafantatra ny votoantin'ny filazantsara, mahafantatra ny antony nahatongavan'i Jesoa tety an-tany, dia ny hoe hamonjy antsika amin'ny fahotantsika. Hoy ny Apostoly Paoly ery amin'ny and.3 : « Fa natolotro anareo ho isan'ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao: Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina » : nataoko priorité tamin'ny toriteniko, nataoko priorité des priorités tamin'ny toriteniko ny milaza aminareo hoe maty Kristy noho ny fahotako, noho ny fahotantsika. Izay ilay fahamarinana 1 : ry Fiangonana o, manomboka anio Alahady 24 Février 2019, tapaho ny hevitra ary ataovy priorité des priorités ao amin'ny

fiainanao io fahotanao io. Ataovy priorité des priorités ao amin'ny fiainanao io fahotanao io. Ary na tsy hihaino toriteny intsony aza ianao, raha tsy hahatadidy zavatra hafa amin'ity toriteny ity ianao, fa voarainao mazava hoe « eny Jesoa an, ataoko priorité des priorités ny fahotako manomboka anio », sambatra indrindra ianao. Fa izany ny olona mahalala ny fahasoavan'Andriamanitra, hoe ilay Fitiavany mahatonga Azy hamonjy antsika amin'ny problème numéro 1 antsika, dia ny fahotantsika ry havana o. Ny priorité des priorités an'Andriamanitra, tsy hoe io toe-batako tezain'ny aretina io ry havana, non, tsy priorité-ny izany ; ny priorité-ny dia ny fahotako Pasitera : izany ny priorité des priorités an'Andriamanitra. ATAOVY PRIORITÉ DES PRIORITÉS ANAO MANOMBOKA IZAO NY FAHOTANAO.
Asa, fifidianana diakona ato androany, misy olona ve ato hiteny hoe ny ahy aloa ny priorité des priorités-ko ry Pasitera dia ny ho lany diakona an : mampalahelo ianao. Misy olona ve ato hieritreritra hoe ny ahy izao i anona mba tiako ho diakona, asa raha ho tafiditra : mahantra ianao , mahantra ara-panahy ianao. Ataovy priorité des priorités ny fahotanao.
Ka rehefa ataonao priorité des priorités ny fahotanao, voalohany indrindra hoy Paoly, manao ohatran'i Paoly ianao, manao zavatra tsy hainao hatramin'izay ianao, zavatra tsy haiko koa, zavatra tsy hainao hatramin'izay. Dia miteny ohatran'i Paoly ianao eo amin'ny and.9 : «Fa izaho dia ambany indrindra amin'ny Apostoly ka tsy miendrika hatao hoe Apostoly, satria efa nanenjika ny fiangonan'Andriamanitra aho ». Ny olona manao priorité des priorités ny fahotany dia mahatsiaro tsy mendrika ry havana o, mahatsiaro tsy mendrika ; mahatsiaro ho ambany indrindra. Raha isika re izao no manao concours ato Isotry Fitiavana ato e, andeha hanao concours isika hoe iza no mahatsiaro tsy mendrika indrindra amintsika ireto ? Iza no mahatsiaro ho ambany indrindra amintsika ireto ? An an an, maro no miady ho ambony indrindra ato ry havana o ; maro no miady ho mendrika indrindra ato. Izany isika rehetra, izany isika rehetra : tsy priorité amintsika izany fahotana izany. Fa Paoly mahalala tsara ny toetrany, ny toe-

panahiny, ny toe-pony ary izany no hijoroana vavolombelona hoe tsy mendrika aho e. Raha samy Apostoly, raha samy Pasitera, raha samy Mpiandry, izaho no ambany indrindra. Hoy ny and.8 hoe : izaho ilay toy ny tsy tonga volana. Ny zaza tsy tonga volana izany, marefo izany, mety sampona izany. Maro ny olona sampona ara-panahy ato, fa tsy mahafantatra hoe sampona ara-panahy ry havana o satria tsy ataony priorité des priorités ilay fahotana. Ianao no tsy mahalala hoe sampona ianao ara-panahy, fa ny olona mahalala hoe sampon ara-panahy ianao : ianao no mampalahelo indrindra ry havana o. Sady tsy tiantsika io an, ny hoe mahatsiaro tsy mendrika, mahatsiaro ho ambany ; tsy tiantsika izany, tsy tian’ny nofontsika izany, nefa ry havana, izany no asoavin’Andriamanitra araka ilay tantara kely tamin’ny 5 minitra teo. Izany no asoavin’Andriamanitra. Tsaroantsika ve ny tantaran’i Mefiboseta, zafikelin’i Saoly mpanjaka ? Saoly nankahala an’i Davida, Saoly nanao izay rehetra azony atao hifofoana ny ain’i Davida ; tsy nahafaty azy. Nony maty i Saoly, nanontany tamin’ny mpiara-miasa taminy izy hoe : sao dia mbola misy taranak’i Saoly any, ho asiko soa araka ny fanaon’Andriamanitra ? Tadiavo kely any sao dia mbola misy taranak’i Saoly any asiko soa araka ny fanaon’Andriamanitra. Dia nentina teo aminy i Mefiboseta, kilemaina, mandringa ; asa moa izay fihetsem-pon’i Mefiboseta raha nandeha nankeo amin’i Davida, jereo tsara, 2 Samoela 9:8 : « Dia niankohoka izy ka nanao hoe: Zinona moa aho mpanomponao izay toy ny alika maty, no mba jerenao? ». Fa maninona aho no hamindranao fo ohatran’izao e ? Izaho anie taranak’i Saoly, zafikeliny e ? Inona no itiavanao ahy ? Ary tsy hoe hamindranao fo aho, fa ataonao hoe mpiray latabatra aminao isan’andro isan’andro. Mefiboseta manome lesona antsika androany eo anatrehan’Andriamanitra, eo anatrehan’i Davida izay tandindon’i Jesoa : mahatsiaro ho toy ny alika maty aho hoy Mefiboseta. Tsy notononiko tety izany raha tsy tao amin’ny 2 Samoela 9. Izany toe-po izany, izany toe-panahy izany ry havana o, izany no tian’ny Tompo anananao, raha tsy izany tsy ho fantatrao ny atao hoe fahasoavan’Andriamanitra , tsy ho fantatrao izany atao hoe famonjena, tsy fantatrao ianao hoe

mila vonjena amin’inona, fa hoe Jesoa Mpamonjy fotsiny. Fa ataovy priorité des priorités ny fahotanao dia ahafantatra ny fahasoavan’Andriamanitra ianao ry havana o. Ary io fahasoavan’Andriamanitra io, rehefa manana an’izay toe-po izay ianao, hiasa hanapotika an’io fahotanao io. Ianao tsy hahapotika ny fahotanao e, tsy hahalevona ny fahotanao ianao e ; fa ny fahasoavan’Andriamanitra no hiasa hanapotika an’io fahotanao io, ary hanova anao.
Paoly Apostoly mijoro vavolombelona, fa tonga tety an-tany i Kristy hamonjy ny mpanota, ary amin’izany, izaho no lohany, izaho no voalohany, izaho no champion-ny mpanota ; fa io champion-ny mpanota io ry havana, novain’i Jesoa, nasoavin’i Jesoa, dia nataony champion-ny Apostoly ; io no Apostoly lehibe indrindra ao amin’ny Testamenta Vaovao. Mba hanantena ve ianao fahasoavan’Andriamanitra, mandondona eo am-baravaran’ny fonao Andriamanitra : sokafy Izy e, avelao Izy hiasa. Te hanova anao Izy, tahaka ny nanovany an’i Paoly, tahaka ny niasany tamin’i Mefiboseta, tahaka ny niasany tamin’i Matio ; Matio, mpamory hetra : raha misy asa ratsy sy ahitana fahafaham-baraka teo amin’ny fiaraha-monina tamin’izany fotoana izany, dia izany hoe famoriana hetra izany. Fa nasoavin’i Jesoa i Matio, nantsoiny, nanetry tena, nankatoa tsy nisalasala, lasa mpianatra ary lasa mpanoratra ny filazantsara araka an’i Matio.
Tsy ho Apostoly tahaka an’i Paoly ianao, hitovy lenta aminy ; tsy hanoratra filazantsara ianao, tahaka an’i Matio ; fa irahin’ny Tompo ianao, rehefa nataonao priorité des priorités ny ota, irahin’ny Tompo ianao hanambara ny fahasoavany, ary ny fiainanao dia filazantsara vakiana. Vonona amin’izany ve ianao ry havana ?
Izay ny fahamarinana 1 : tian’ny Tompo ianao hiteny amin’izao maraina izao hoe : « Fa ny fahasoavan’Andriamanitra no naha toy izao ahy ». Ary mba hahatanteraka an’izany, ny zavatra voalohany ataoko dia ataoko priorité des priorités ny fahotako.
Fahamarinana 2 : TSY FOANA NY FAHASOAVAN’ANDRIAMANITRA AO AMINAO

Mbola fahamarinana volamena ihany koa, ho an'izay manokatra varavarana amin'Andriamanitra sy amin'ny fahasoavany ; ny teny fikasana, promesse omeny anao dia eo amin'ny and.10 eo ihany, hoe : « Tsy foana ny fahasoavan'Andriamanitra ao aminao ». Tsy foana io e.
Ny olona manao ho priorité des priorités ny fahotany, dia satria miasa ao aminy ny fahasoavan'Andriamanitra mampiaiky azy heloka, dia noho ny fahasoavan'Andriamanitra, dia mamaky teny, mamaky teny, te hitombo amin'ny fahalalana an'Andriamanitra, ny fahamasinany, hitomboany amin'ny fahalalany ny tsy fahatanterahiny sy ny fahalemeny sy ny fahotany ; ary iny teny iny anefa mbola hoe hananany promesse milaza hoe : io teny omeko anao io, io tenin'ny fahasoavana omeko anao io, tsy hiverina amiko io, raha tsy efa nahavita izay nanirahako azy, raha tsy efa nahavokatra, nitondra vokatra ao aminao ry havana o. Izany ny promesse-n'Andriamanitra : ny fahasoavako : tsy foana io fahasoavako io ao aminao.
Mampihetsi-po ry havana ny tantaran'i John Newton. John Newton, ny ahafantarana azy, dia nanoratra ilay hira hoe : « Amazing grace » : fahasoavana mahagaga, fahasoavana mahatalanjona. Ary tena mahatalanjona tokoa anie ny fahasoavan'Andriamanitra e. Ampatsiahiviko vetivety ry havana ny tantaram-piainan'i John Newton. Tamin'ny faha fito taonany dia maty ny mamany ; ny mamany no mba hoe nitaiza azy ara-panahy, nitaiza azy tao amin'ny Tompo. Ny dadany, olona marin ireny, olon'izao tontolo izao. Ary nony maty ny mamany dia lasa nikoroso fahana moramora John Newton ho amin'izany fiainan'izao tontolo izao izany. Mba lasa marin ihany koa izy ohatran'ny dadany ry havana o, ary izy lasa marin io, mba nanana sambo izy ary lasa izy mihitsy koa no hoe trafiquant d'esclaves. Izany izany ny fiainan'ity John Newton ity. Ary dia namindran'Andriamanitra fo izy, nahita ny fahasoavan'Andriamanitra izy ; fa nisy tempête goavam-be indray mandeha teny ambony ranomasina teny : izay no nanozongozonan'Andriamanitra an'ity John Newton ity ; eo amin'y faha 23 taonany , lazain'ny biographe, mpanoratra ny

tantarany, John Newton izany, nanana fiainam-biby. Ary raha ny marina hoy izy, tsy nanana fiainam-biby izy fa nanana fiainana biby dia. Izany no namindran'Andriamanitra fo, izany no nanehoan'Andriamanitra fahasoavana ; ary izy natahotra, nihorohoro, torakovitra tao anatin'izany tempête izany , tao anatin'izany izy no nanolo-tena ho an'Andriamanitra, ary nandray Azy ho Tompo sy Mpamonjy. Ary henoy ny fijoroan'i John Newton vavolombelona taorian'izay nandraisany an'Andriamanitra izay ; ary tsy hoe taorian'izay nandraisany an'Andriamanitra izay, fa taorian'izay izy dia nanolo tena dia lasa nanao Pasitera tany amin'ny anglikana ; fa ity tantara ity, 2 na 3 taona talohan'ny ahafatesan'i John Newton, ilazana hoe tsy foana tao amin'ny fiainan'i John Newton izany hoe fahasoavan'Andriamanitra nanova azy izany. Indray maraina, 2 nq 3 taona talohan'ny nahafatesan'i John Newton, révérend John Newton, satria efa lasa Pasitera izy izany, dia nisy mpiara-mivavaka taminy, niara nisakafo maraina taminy ; dia vita ilay sakafo maraina hoy izy dia nisy culte de famille teo dia nanatrika an'izany ilay mpiara-manompo aminy. Ary ny tenin'Andriamanitra izay hoe perikopa tamin'io andro io dia ity 1 Korintiana 15 :10 ity hoe : « Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no nahatoy izao ahy ». Nony nahavaky an'ilay 1 Korintiana 15 :10 i John Newton ry havana, dia nanomboka nanganohano ny masony, nanomboka nitomany John Newton, nanomboka nigogogogo John Newton ; dia izao no noteneniny : tsy tokony ho izao hoy izy ny toetrako, tsy tiako ho izao hoy izy ny toetrako, tena hoa halako ny ratsy ary tena maniry fatratra ny tsara aho, ary tsy izao mihitsy ny toetra iriko sy hantenaiko hananana hoy izy. Anaty ranomaso izy no niteny an'izany ary sarotra ny namantatra ny zavatra noteneniny. Fa soa ihany hoy izy, fa efa akaiky ny fahafatesana, ary rehefa tonga ny fahafatesana dia maty miaraka amin'izay koa ny fahotako sy ny tsy fahatanterahako. Fa izao hoy izy, izao no lazaiko aminareo : na dia hoe tsy tokony ho izao aza ny toetrako, na dia hoe tsy tiako ho izao aza ny toetrako, ary araka ny nolazaiko teo, tsy izao no toetra hantenaiko ho hananana, misy zavatra tokana ambarako

aminareo mazava, ary tsy am-pisalasalana hoy izy : efa niova aho ary ts'ilay toetrako taloha intsony izao toetrako izao , fa taloha aho andevon'ny fahotana ary taloha aho andevon'ny devoly ; efa tsy izany intsony aho, fa izao : ny fahasoavan'Andriamanitra no maha toy izao ahy ary io fahasoavan'Andriamanitra io, tsy hamela ahy raha tsy efa tanteraka izay asany. Ry havana o, ry havana o, sambatra ianao raha ataonao priorité des priorités ny fahotanao manomboka anio, fa tsy ho foana ao aminao ny fahasoavan'Andriamanitra.

Fahamarinana 3 : MIARÀHA MIASA AMIN'NY FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA

Ilay fahasoavan'Andriamanitra izany te hiasa hamonjy, hanova, fa hoy izy eo amin'ny tapany fahatelo tamin'ity 1 Korintiana 15 : 10 ity hoe : miaraha miasa amin'ny fahasoavan'Andriamanitra.

Ry havana, ny olona izay nanao ho priorité des priorités ny fahotany, ka mahita ny fahasoavan'Andriamanitra miasa ao aminy, dia manana fahavitrihana hiara-hiasa amin'Andriamanitra hahatanteraka ny fanovana, hahatanteraka ny fitomboana amin'ny fanahafana an'i Jesoa. Ary izany no mahatonga an'i Paoly hiteny, Filipiana 3:10 : « eny, mba ho fantatro Izy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ». Io herin'ny fitsanganana tamin'ny maty io ry havana, io no hery miasa amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra : io hery io manafaka anao, mandevona isan'andro isan'andro ny fahotanao, hanananao hery isan'andro isan'andro hijoroana vavolombelona ny amin'ny fahamarinana, ny amin'ny fahamasinana. Izany io hery io. Ary hery manova io.

Nahafinaritra ny teny-na mpanompon'Andriamanitra anankiray. Maninona hoy izy ny kristiana sasany ampahitan'Andriamanitra fa Andriamanitra velona Izy, ampahitan'Andriamanitra ny heriny sy ny fahefany izy, ampahitan'Andriamanitra toa ny azo tsapain-tanana ny fahasoavany, nefa mihemotra miha-matimaty ilay finoany ? Satria hoy izy tsy fantany fa mila miara miasa izy, tsy fantany fa mila miara miasa amin'ny fahasoavan'Andriamanitra izy. Hiara hiasa haninona ? Hiara hiasa hanova, hiara hiasa amin'ny fanovana. Misy olona hoy

izy, nandre hoe Jesoa maty ary nitsangana tamin’ny maty kanefa tsy miteraka fiovana ao amin’ny fiainany izany. Alaivo sary an-tsaina, hoy ity mpanompon’Andriamanitra ity, raha hoe misy ankizy izao mba niezaka izy, nilofo tamin’ny fianarana izy, dia afaka baka izy ; tsy mitady fianarana eny ankatso izy na any an-kafa, fa manao réinscription ao amin’ny terminale. Hoy isika hoe mba adala koa ity zandry ity an. Be dia be ny kristiana ohatran’izany, tsy fantany hoe nisy fiovana teo amin’ny fiainany fa nanomboka niditra an-tsehatra teo ny fahasoavan’Andriamanitra. Alaivo sary an-tsaina hoy izy, misy tanora roa mifanambady, miala eto izy dia avy eto izy, dia mankany amin’ny espace manao fety, dia rariva izy, samy mody any amin’ny ray aman-dreniny. Hoy ianareo hoe misy fahavoazana ireto an. Be dia be ny kristiana manana fahavoazana satria tsy mahafantatra hoe efa nitsangana tamin’ny maty i Kristy, ary tsy mahafantatra ny herin’ny fitsanganan’ny tena amin’ny maty ry havana o. Maro isika ato Isotry Fitiavana no misy fahavoazana. Alaivo sary an-tsaina hoy izy, raha hoe nitsangana tamin’ny maty i Jesoa Kristy dia Petera lasa niverina nanarato fa tsy nitory filazantsara ; alaivo sary an-tsaina fa nitsangana tamin’ny maty i Kristy, nihaona tamin’i Paoly, kanefa i Paoly lasa nanao asa-na fanamboarana tente. Izany, izany isika mianakavy ry havana o, izany isika mianakavy.

Fa ianao, izay noho ny fahasoavan’Andriamanitra, nongontan’Andriamanitra, navotan’Andriamanitra avy ary amin’ny fanjakan’i Satana ary ho ao alin’y Fanjakany ; tsy hoe miala any fotsiny ianao, fa tsy maintsy mitodika ianao any amin’i Jesoa ; ary noho ny fitodihanao any amin’i Jesoa dia miteny ianao clairement anio hoe : ataoko priorité des priorités ao amin’ny fiainako ny fahotako.

Ry havana, ny olona tsy mandroso ohatran’izany, ny olona tsy mitombo amin’ny fahasoavana satria hoe tsy miara miasa amin’ny fahasoavan’Andriamanitra, tsy hoe mitoetra eo fotsiny, hoe mi-stagne spirituellement, fa mihemotra. Ary ny dikan’ny hoe mihemotra amin’ny fiainana ara-panahy, ny olona mihemotra, hoy ilay mpanompon’Andriamanitra iray, mihemotra miverina any

amin’ny devoly. Ianao mieritreritra hoe mihemotra aho, aleo aloa hiverina kely, aoka aloa izany fanaovana asa-na diakona izany, aoka aloa izany fankanesana any am-piangonana izany, mihemotra ianao, entin’ny devoly mihemotra ianao, entin’ny devoly hihemotra mihoatra izay niheveranao azy ianao, ary miverina manolo tena any an-tanan’ny devoly ianao ry havana.
Misaotra an’Andriamanitra isika ry havana ny amin’izany teny izany, ny amin’ny fahasoavan’Andriamanitra, ny amin’ny votoantin’ny filazantsara dia Jesoa maty ary nitsangana tamin’ny maty, mba tsy hitoerantsika ao amin’ny fahotana intsony ary mba hahazoantsika fahamarinana. Ry havana o, tokana ny antom-bavaka ho antsika Fiangonana amin’izao maraina izao : aoka ny fahasoavan’Andriamanitra hahatonga anao hisaina ary hanapa-kevitra hoe ataoko priorité des priorités ny fahotako manomboka anio fa izany no nidinan’i Jesoa avy any an-danitra.
Ho aminareo ny fahasoavan’ny Tompo. Amena.